Gazetiko 25 TAONA 3

## FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA

TSIROANOMANDIDY 7

# LEHILAHY RAKOTRA DIAN'ANTSY HITA FATY TAO ANATY TATATRA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7519 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 13 martsa 2023


MARINA IZANY ! 4

## MIHAMAHAZO VAHANA !

TARIKA OLADAD 2



## MIKETRIKA SEHO MIAVAKA AO ANTSAHAMANITRA

JUDO - "OPEN DE TUNIS" 3

## MEDALY VOLAMENA I LAURA RASOANAIVO



LE GRAND PARDON - NY FIFAMELANA 4

# "MALAGASY MAHATSAPA FAHORIAM-BAHOAKA NO TOKONY HOFIDINA HITANTANA NY FIRENENA"



AMBILOBE 7

## SAMBO RENDRIKA, MAHERIN' NY 20 IREO NAMOY NY AINY

FILOHA RAJOELINA TAO TOLIARA 4



## NITONDRA FANAMPIANA HO AN'NY VAHOAKA

COVID 19 8

# NIAKATRA 52 NY TRANGA VAOVAO




Tarika Oladad

# Miketrika seho goavana ao Antsahamanitra

Tany amin'ny 10 taona lasa no niaka-tsehatra tao Antsahamanitra ny tarika Oladad. Niaraka tamin'i Marion ry zalahy tamin'izay fotoana izay. Ankehitriny, mahatsapa izy ireo fa efa feno ny fepetra hahafahan'ny tarika misedra an'Antsahamanitra amin'izay. "*Efa fanirianay hatramin'izay ny hiakatsehatra irery ato Antsahamanitra. Nisy fotoana efa nanao fampisehoana teto izahay saingy niaraka tamin'ny tarika hafa hatrany. Tanteraka izy ankehitriny ny alahady 2 aprily 2023. Hamaky sehatra izahay ary tsy hanenina izay ho tonga ao fa hahita izany Oladada milalao izany* », hoy i Dadalo, nandritra ny fihaonana tamin'ny mpanao gazety ny sabotsy teo tao Antsahamanitra. Mampanantena seho goavana sy miavaka tanteraka ry zalahy amin'izany. Na ny ravaka, na ny fomba fidirana sy ny fisehoana an-tsehatra, na ny fomba fitafin'izy ireo dia hiavaka tsy toy ny mahazatra hatramin'izay, raha ny toky nomen'izy ireo.

**Haharitra adiny efatra**

"*Hafa mihitsy ny zavatra homaninay amin'io, ny hiranay rehetra hatramin'izay, izany hoe ireo efa fantatry ny mpankafy miampy ireo hira vaovao dia hoentinay ao avokoa* », hoy hatrany izy. Haharitra adiny efatra ny fampisehoana, hisy fizarana roa miavaka tsara. Hisy ny fampisehoana dihy hanehoan'izy ireo ny fahaizany mandihy sy hakingana amin'ny hip hop. Mpandihy roa tonta rahateo no voalaza fa handravaka ny sehatra. Ny voalohany, ireo efa mpanara-dia ny tarika, fa ny faharoa mpandihy sangany avy eto Antananarivo. Raha tsiahivina dia niainga tamin'ny mozika rap sy rnb ry Oladada tany amin'ny taona 1996 tany ho any, fa efa mivelatra be ny mozikan'izy ireo ankehitriny. Ankoatra ny seho, hamoaka rakikira anaty clé usb sy hivarotra ny tee-shirt ny tarika ao Antsahamanitra amin'io andro io.

Fy

Poety Rebely

# Miavaka ny hankalazany ny 13 taona naha mpanao slam poezy azy

Mankalaza ny faha-13 taona niseharana teo amin'ny Slam Poezy i Olsenie Rasoanaivo, fantatry ny maro amin'ny anarana entiny miantsehatra hoe Poety Rebely. Amin'ny endrika hafakely no nofidian'i Poety Rebely hanamarihana izany. Nanapakevitra ny hanakaiky bebe kokoa ny mpankafy sy ireo mpana-raka azy anaty tambajotran-terasera izy. "Tiako raha anaty sehatra sy fotoana hafa noho ny fiakarana an-tsehatra no hihaonako amin'izy ireo", hoy i Poety Rebely. Izay no antony nifidianana ka hanomezana fotoana ny rehetra amin'ny toerana iray fikarakarana endrika amambika, ka nofidiany manokana ny "institut de beauté Blossome Luxury nails & Beauty". Izy tenany mihitsy no hanolotra fanomezana ho an' ireo mpankafy amin'io andro io. Ho an'izay rehetra mandalo hitsidika sy hiarahaba an'i Poety Rebely eny an-toerana dia hisy ny kilalao hahazoana fihenam-bidy amin'ny tolotra misy ao amin'ity toerana ity ary misy ho an'ny lahy sy vavy sy ny sokajin-taona rehetra izany. Ankoatra izay dia hisy koa fanomezana tsy hampoizina (cadeaux surprises). Aorian'ity moa dia mbola hisy fiakarana an-tsehatra sy famoahana raki-peo araka ny fangatahan'ny mpankafy entina hanamarika hatrany ny faha-13 taona nilomanosan'i Poety Rebely tao anatin'ny tontolon'ny slampoezia.




**Hanolotra fanomezana tsy hampoizina ho an'izay tonga eny amin'ny Blossome Luxury nails & Beauty i Poety Rebely.**

**Mpankafy asa soratra**

Marihina fa i Poety Rebely no "slameuse" voalohany notolorana ny "Chevalier de l'ordre des arts des lettres et de la culture" teto Madagasikara. Ankoatra ny maha Slameuse azy moa dia misehatra amin'ny kabary ihany koa izy, manao ireny fitarihan-danonana ireny amin'ny maha tonian-danonana azy. Ny ankamaroan' ny sangan'asany dia soratany amin'ny fiteny avy any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy, faritra naha lehibe sy nitaiza azy. Antony, raha ny fanazavany, dia hanomezana vahana ny fitenimparitra.

Tiaray R

Mpikanto ny Teny sy ny Soratra

# Somary hirona amin'ny famoaham-boky !



**Ireo mpitarika ny FMTS.**

Mpikabary, mpitantara angano, mpanoratra, sns. Fizarana mariboninahitry ny kanto ho an'ny mpikambana 136 no nisantaran'ny Federasiona Mpikanto ny Teny sy ny Soratra (FMTS) ny taona 2023. Ankoatra ny hetsika maro samihafa, somary hirona ao anatin'ny famoaham-boky ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny tapataona voalohany amin'ity taona ity, araka ny fanazavan'Atoa Fitomiandalana, Filohan'ny FMTS, nandritra ny fifampiarahaban'izy ireo tetsy Miandrarivo omaly. Fikambanana 40 eo ho eo no mandrafitra ny Federasiona ankehitriny ary efa ahitana sampana amin'ny firenena sivy any am-pitandranomasina tarihin'ireo fikambana zokiny ankehitriny. Mendrika hotohanana ny FMTS satria manandratra ny kolontsaina malagasy, hoy Atoa Tsilavina Rakotoarisoa, mpanohana ny hetsika fifampiarahabana omaly.

Niry R.

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Tsy ho amin'ny roa ora no hitadiavako ny mitataovovonana, ka izay vao ho tonga saina hoe aiza izay mba hivelomana? Dieny izao dia manovoza hery betsaka sy tsara hikoloana ny any aoriana, dimby, zanaka amam-para. »

**Ny Vetso (26.02.14)**

(«Ne cherchez pas midi à quatorze heures !»)

Madagascar Espace

# Nivoaka tamin'ny fahanginany




**Toera-pialamboly mahasarika olona ny Madagascar Espace.**

Nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mpitantana ny Madagascar Espace noho ny fanaratsiana sy fanasoketana azy niely tamin'ny tambajotra fesiboky. Misy ny resaka nandeha sy niparitaka ny zoma 03 martsa 2023 lasa teo fa tsy tomombana ny sakafo ary maro ireo tsy nahazo tamin'ireo vahiny nasaina nanatrika. Misy koa ireo miezaka mapisafotofoto ny zava-misy marina amin'ny « internet » ny vaovao kanefa tokana ihany ny pejy fesiboky ifampiseraserana amin'ny rehetra dia ny « Madagascar Espace ». Eo anatrehan'izany dia mandiso ny vaovao miely ireo tomponandraikitra ka manao fanambarana fa : ***« Tsy tomponandraikitra velively tamin'ny fikarakarana ny lanonana niseho tamin'ny andron'ny zoma 3 martsa 2023 lasa teo izy ireo fa mpizaika avy any ivelan'ny espace no nivahiny nanofa efitrano sy fitaovampihinanana ho an'olona 600. Manipika marindrano ny tompon'ny toeram-pandraisana ny lanonana fa tsy tompon'antoka amin'izay tsy fahatomombanana izy ireo »***. Maro ny traikefa sy ny fanomezana fahafaham-po ho an'ny mpanjifa nadritra ny taona maro nijoroana raha ny voalazan'ny tomponandraikitra nitafa taminay. Ankoatry ny sakafo dia isan'ny mahasarika olona maro ny piscine lehibe malalaka miisa telo mahazaka mpitsidika maro, na andro tsotra na fety ahafahana miala voly tsara ho an'ny sokajin' olona rehetra, tsy mitakosona fa azo hivalaparana amin'ny vidim-pidirana mirary 6000 Ar. Eo ny toerana natokana ho an'ny ankizy, ny kilalao maro isankarazany azo hialana voly tsara.Tombony ihany koa ny fazahoan-dalana mitondra sakafo ivelan'ny « espace », ho an'ireo izay mitondra fiara dia misy ny toerana malalaka natokana hoan'izany izay mifefy sy azo antoka.

Mamie




## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mivídy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 494/20-9)

* Lamba, poketra, kiraro, kojan-dakozia, cahier, bisikileta, machine. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-4)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-2)

### FAMPIANARANA

* Sahaja Yoga mampianatra méditation gratuit @ A.N.S Ampefiloha isaky ny Alahad. Tél : 034.66.819.53. (G-BA 501/7-2)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, pompage, puisard, réhabilitation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-1)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-20)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 490/15-12)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-5)

Judo - "Open de Tunis"

# Nandrombaka medaly volamena i Laura Rasoanaivo

Medaly volamena teo amin'ny sokajy juniors latsaky ny 70 taona no norombahin'ilay tovovavy malagasy, Laura Rasoanaivo, ny faran'ny herinandro teo, nandritra ny fifaninanana "Open de Tunis", taranja Judo. Nisongadina ary nametraka indray ny anarany taty Afrika ity judokas malagasy ity, satria dia tsy vitan'ireo sangany taty amin'ny kaontinanta afrikanina irery ihany no nandray anjara tamin'izany, fa nisy Eraopeana maro ihany koa. Isan'izany ilay teratany lituanianina, laharana faha-6 maneran-tany, izay nifanehatra tamin'i Laura ary dia lavony soa aman-tsara. Manana ny ho aviny ity judokas malagasy ity, ary hatreto dia tsy nitsanga-menatra hatrany ny tenany rehefa miatrika ireny fifaninanana iraisampirenena maro ireny. Mila arahina sy tohanana tsara ramatoakely, satria dia manandratra avo ny voninahi-pirenena hatrany. Nahazo ny medaly volafotsy moa ilay Lituanianina, Pileckaite Ugne. Medaly alimo avy kosa no azon'i Magdy Farida, teratany Ejyptiana sy Benchallal Dyhia avy any Alzeria. Vokatra tsara ho an'ny fanatanjahantena malagasy, indrindra ho an'ny federasiona, izao azon'i Laura izao, tafiditra sahady amin'ny fanomanantenan'ny judokas, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023, hatao eto amintsika, afaka 5 volana eo sisa. **Rabenaivo**

Lomano - "Vive l'avenir"

# Zava-bita tsara indrindra iray no montsana

Tontosa tetsy amin'ny dobo filomanosana ANS Ampefiloha ny faran'ny herinandro teo, ilay fifaninanana « Vive l'avenir », andiany faha-11, taranja lomano. Zava-bita tsara indrindra iray no montsana tamin'izany, teo amin'ny hazakazaka mifampitohy sokajy 14 taona mihoatra vehivavy, izay vitan'i Finaritra, Antsa, Estellah avy ao amin'ny klioban'ny Managing. Tao anatin'ny 2'14''48 raha 2'21''19 no fe-potoana teo aloha, izay vitan'i Antsa, Aitra ary Samantha avy amin'ny Managing ihany, tamin'ny 17 marsa 2019. Ho an'ny fifaninanana hazakazaka mifampitohy ihany koa fa teo amin'ny zazalahy 14 taona mihoatra, dia nahavita nanatsara fe-potoana i Francky, Daniel, Mamitiana, Jonathan, avy ao amin'ny klioban'ny Managing, izay nahavita izany tao anatin'ny



**Izy telo mirahavavy nahavita nanamontsana zava-bita tsara indrindra.**

01'56''13, saingy tsy matiny aloha ny zava-bita tsara indrindra(01'55''05). Raha hiverenana dia mpilomano 256 avy amin'ny klioba 12 tamin'ireo ligim-paritra 5 no namaly ny antson'ny klioban'ny Saint Michel mpikarakara. Niavaka tamin'ity andiany ity ny nanatanterahana ny lalao famaranana tamin'ny andro alina, teo ihany koa ny fandravahana nahafinaritra ny tetsy amin'ny dobo filomanosana, ary indrindra ny fampiasana ny fahitalavitra lehibe, izay nahafahana nijery ny filaharan'ny mpilomano nandritra ny hazakazaka. Nanambara ho afa-po ny filohan'ny klioba, Raveloson Mick Rolland, izay nanao antso ho an'ny rehetra fa ny sampana lomano dia manana ny lanjany eo anivon'ny spaoro eto Madagasikara.

**Rabenaivo**

## Akon'ny faran'ny herinandro

***Tenisy ambony latabatra** -* Voahosotra ho tompondakan'i Afrika Atsinanana ho an'ny isan-tarika, sokajy lehilahy ny ekipam-pirenena malagasy. Taorian'ny nandresen'izy ireo ny ekipampirenen'i Ethiopie, tamin'ny isa 3 noho 0, nandritra ny lalao famaranana no nahazoany izany. Tsiahivina fa natao tany Djibouti, ny 08 hatramin'ny 12 martsa 2023 izany fifaninanana izany. Taorian'iny vokatra iny dia nahazo ny tapakila hiatrehana ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, tanterahina any Tonizia sy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, hatao any Korea i Madagasikara. Mankasitraka sy miarahaba ireto tanora niaro ny voninahi-pirenena ireto ny Minisitra André Haja Resampa.

***Kitra – "Orange Pro League"** -* Lavon'ny Cffa tamin'ny isa 2 no ho 1 ny Zanakala Fc ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja Elgeco plus, tafiditra tamin'ny andro faha-9 amin'ny fifaninanana Orange Pro League. Ny ekipan'i Matsiatra ambony no nanatombo teo am-pialan-tsasatra, tamin'ny alalan'ny baolina tafiditr'i Patrick(34'). Nanaitra ny hambom-pon'ny ekipan'i Titi izany teo amin'ny fizarampotoana, ka nahatafiditra baolina roa izy ireo, tamin'ny alalan'i Naina(54') sy Carlos(73'). Nandresy 3 no ho 1 ihany koa ny Elgeco plus raha nifanandrina tamin'ny Mama Fc. Ankilany, nomontsanin'ny Disciples Fc, tamin'ny isa mavesatra 5 no ho 1 ny Jet Kintana, ka teo am-pialan-tsasatra dia efa nitarika tamin'ny isa 3 no ho 1 ny Disciples Fc. Lavon'ny Fosa Juniors, tamin'ny isa 1 no ho 0 kosa ny Uscafoot. Ity lalao ity dia tena nandrasan'ny maro ihany koa saingy ny solontenan'ny ligin'i Boeny teto no nahery. Mbola tamin'io isa 1 no ho 0 io koa no nivoahan'ny Ajesaia ho mpandresy, raha nifanandrina tamin'ny Tia Kitra avy any Toamasina. Hitohy amin'ny faran'ny herinandro ny andro faha-10.

***Rugby – « XXL Energy TOP20 »** -* Tontosa tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka omaly, ireo fihaonana tafiditra amin'ny andro fahatelo amin'ny fiadiana ny « Xxl Energy TOP20 ». Isan'ny lalao tena nandrasan'ny maro sady nanakatona iny andron'ny alahady iny, ny fihaonana teo amin'ny USA sy ny FTAT, izay nisaraka ady sahala 23 no ho 23. Niady ny lalao, miteny ho azy io isa nisarahana io. Teo amin'ny vokatra hafa dia lavon'ny SCB, tamin'ny isa 30 no ho 21 ny JSTA. Tsy namelan'ny USIkopa kosa raha tsy resiny tamin'ny isa 19 no ho 8 ny XV Avenir. Ny XVFa ihany koa nanilika ny FBM , tamin'ny isa 14 no ho 6. **Rabenaivo**

Gazetiko

25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady amanjanany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

Gazetiko

25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..........................................................................................................

Fanampin'anarana : ..............................................................................................

Adiresy : ..........................................................................................................

Laharana finday : ................................................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**

***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny*

***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*

*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninanana.*

## Marina izany !

### Miha mahazo vahana !

**Tsy mateti-pitranga eto amintsika ny lalànan'i "Talion", maso solon'ny maso, nialnga tamin'ny tantaran'i Kaina sy Abela tao amin'ny baiboly. Fomba tany aloha elabe, nandrindrana ny fiaraha-monina, amin'ny alalan'ny valifaty, nampahafantarina ny rehetra fa ny heloka ataonao amin'olona iray dia tsy maintsy ampiharina aminao ihany koa. Tato ho ato anefa dia tsikaritra ho miha mahazo vahana eto amintsika ny valifaty. Vao tsy ela akory no nitranga izany, tany Atanimena-Ambatondrazaka. Novonoina ireo telolahy voalaza fa namono mpianaka, tany an-toerana ihany. Ny mety hampidi-doza amin'ny tranga toy izao, ankoatra ny fanaovana fitsaran'ny fiaraha-monina, dia ny tondro molotra ka mety hiantefa any amin'ny tsy manan-tsiny ny heloka. Tsy azo odian-tsy hita ihany koa anefa ny kolikoly manjaka eny amin'ireo sampandraharaha misahana ny fisamborana ny olon-dratsy sy ny fitsarana izay tsy manome antoka ny fiaraha-monina fa hibaby ny heloka nataony ny nahavita izany. Tranga mampahazo vahana ny fitsaram-bahoaka sy ny valifaty, efa nomarihina eo ambony. Zava-misy hanapotika tsikelikely ny fihavanana sy ny fifampitsimbinana eo amin'ny samy Malagasy fa hampahazo vahana kosa ny fifankahalana sy ny fifandrafiana ka tokony hitadiavam-bahaolana haingana !**

Voahangy Rakotozafy

Filoha Rajoelina tao Toliara

## Nitondra fanarenana sy fanampiana ho an'ny vahoaka



**Nafana ny fandraisan'ny vahoakan'i Toliara ny Filoha Rajoelina.**

Tsy nanadino ireo vahoaka traboina tao Toliara ny Filoha Andry Rajoelina mivady. Nidina tany an-toerana izy ireo ny sabotsy sy alahady teo nijery ny zava-misy. Tsy nandalo fotsiny anefa izy ireo fa nitondra fanarenana sy ny fanampiana ho an'ireo vahoaka traboina sy sahirana. Nanombohan'izy ireo ny hetsika ny sabotsy ny fizarana sakafo masaka ho an'ireo traboina 900 nitoby tao amin'ny Lycée Antaninarerina. Nampiavaka ny fitsidihana tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana ny fihaonan'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny vahoaka tao amin'ny kianja « Maître Kira » omaly alahady. Nambarany tamin'ny lahateniny fa mitsinjo hatrany ny vahoakan'i Toliara ny fitondram-panjakana. Izany, hoy izy, no antony nanirahany ny Praiminisitra nialoha lalana azy. *« Tsy maintsy vitaina ireo fotodrafitrasa rehetra nampanantenaina ny vahoakan'i Toliara »*, hoy ny Filoha Rajoelina. Nizarany fanampiana maro moa ireo fianakaviana sahirana. Tsy nohadinoany ny nanolotra moto ho an'ny ben'ny tanàna rehetra ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana.

**JUDD**

Fikambanana " Ny fifamelana - Le grand pardon " :

# "Malagasy mahatsapa fahoriam-bahoaka no tokony hofidina hitantana firenena"



Hiroso amin'ny fifidianana isika amin'ity taona ity, araka ny voalazan'ny lalam-panorenana, nolaniana tamin'ny 2010. Raha dinihina ny fampiharana io lalàna fototra io dia tsy voahaja tanteraka. Io anefa no fototry ny rafitra rehetra ijoroan'ny fanjakana. Soratra nataon' ny manampahaizana ihany anefa ny lalam-panorenana izay natao hampirindra ny fiainam-pirenena. Mipetraka ny fanontaniana: mamaly ny hetahetan'ny maro an'isa ve io lalàna fototra io? Inona no sakana tsy nahatanterahana izany? Tombontsoan' iza no narovana tamin'ny nandrafetana azy? Natao ihany koa ny lalàm-pifidianana. Nizotra tamin'ny fanarahan-dalàna marina ve ny fifidianana teto ? Raha ny zava-misy no jerena dia voahitsakitsaka ireo soratra natao hampirindra ny fiainam-pirenena ireo. Mitaky olom-pirenena vonona handray andraikitra ny toejavatra mahonena iainana ankehitriny. Olom-pirenena, mahafantatra tsara ny olana ary vonona handroso vahaolana, iarahan'ny besinimaro manao ary samy hahita tombontsoa amin'izany. Olom-pirenena mizaka ny zo malagasy irery ihany, mahatsapa fa eto izy no miaina ary eto ihany koa izy no handao an'ity fiainana ity. Olom-pirenena mahatsapa ny fahoriana lalina iainan' ireo 85 isan-jaton'ny mpiray tanindrazana aminy. Tsy natao hanangonan-karena na fahefana ny tanindrazana sy ny mpiray ra amin'ny tena fa natao hiara-belona sy hiaraka hampandroso ny firenena, ary hiaraka higoka ny voka-tsoa aterak'izany. Tazonina ary hamafisin'ny fikambanana "Le Grand Pardon" hatrany io sosokevitra io.

**Nary Ravonjy**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Manomana ny tanora hahafehy ny teny anglisy

Resy lahatra ny depiote Todisoa Andriamampandry fa tsy misy afa-tsy ny fananana olom-pirenena vanona sy avara-pianarana no antoky ny fampandrosoana. Araka izany, nikarakara hetsika fampianarana teny Anglisy maimaimpoana ho an'ny mponina ao Ambohimanarina ity olomboafidy TIM ity. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny herinandro lasa teo izany ary an-jatony ireo tanora liana sy manaraka ny fampianarana. Notsipihan' ny depiote Todisoa Andriamampandry fa tafiditra anatin'ny hetsika hanomanana ireo tanora hiatrika asa sy tontolo hiainany amin'ny ho avy izao hetsika izao. "*Teny ampiasaina sy ilaina amin' ireo toerana na sehatr'asa rehetra ny teny anglisy. Tsy takatry ny kely vola anefa ny fianarana izany teny vahiny izany koa mitondra ny anjara birikinay izahay ho fanampinana azy ireo*", hoy ity olomboafidy teny amin'ny boriborintany faha-6 ity. Haharitra enim-bolana ity hetsika ity ary hisy fizarana mari-pahaizana any amin'ny fiafaran'ny fianarana.



**Manampy ny tanora hiatrika ny fiainany any aoriana ny depiote Todisoa.**

**Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Avobe**



## Hatsikana an-tsary

**Mamelana**




## Masoandro Miposaka

**I Timoty 3 : 1**


Mahatoky izao teny izao: Raha misy olona maniry ny asan'ny mpitandrina, dia maniry asa tsara izy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tondro tokana tsy mahazo hao.**

Un seul doigt ne peut attraper un pou.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2901

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | | | | | | 1 | 7 | |
| | | | | 5 | 8 | | | |
| | | | 9 | | | 8 | 2 | |
| | | 6 | | 3 | | 4 | 9 | |
| 9 | | | 6 | | | | 8 | |
| 2 | 4 | | | | | 6 | | |
| | | 5 | | 8 | | 7 | | |
| | | | | | 3 | | | 1 |
| | | 7 | 1 | | 2 | | | |

Valin'ny laharana 2900

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 4 | 3 | 6 | 2 | 9 | 5 | 7 | 1 |
| 2 | 7 | 5 | 4 | 1 | 3 | 6 | 8 | 9 |
| 6 | 9 | 1 | 7 | 8 | 5 | 4 | 2 | 3 |
| 5 | 2 | 9 | 3 | 7 | 6 | 8 | 1 | 4 |
| 1 | 3 | 6 | 2 | 4 | 8 | 7 | 9 | 5 |
| 7 | 8 | 4 | 9 | 5 | 1 | 2 | 3 | 6 |
| 4 | 6 | 2 | 1 | 9 | 7 | 3 | 5 | 8 |
| 9 | 5 | 7 | 8 | 3 | 4 | 1 | 6 | 2 |
| 3 | 1 | 8 | 5 | 6 | 2 | 9 | 4 | 7 |

Tsiroanomandidy

# Lehilahy notifirina, rakotra tsatoka antsy hita faty tao anaty tatatra

Fatin-dehilahy iray no hitan' ny mpandalo tao anaty tatatra, teo amin'ny sisiny an-kavanan'ny lalana mampitohy an'Antsapanimahazo sy Ampitandrainimanga, fokontany Antanimbaribe, kaominina Fihaonana, distrikan'i Tsiroanomandidy, faritra Bongolava, ny sabotsy teo. Nandritra ny fizahana dia faty matory tao anaty tatatra no hita ary miforitra ny tanana sy ny tongony havia, miforitra ihany koa ny tanany havanana. Nahitana dian'antsy roa ny tarehiny havia, sy ny ratsan-tanany ary misy diam-bala miparitaka marobe teo amin'ny tratrany havanana, saingy tsy tafavoaka tany andamosiny ny bala. Araka ny fahitana azy hatrany dia notifirina tamin'ny basimborona akaiky io olona io.

**Tsy misy mahafantatra**

Efa nitangorona ny olona no tonga nanao ny fizahana teo an-toerana ny zandary sy ny mpitsabo ary ny mpitondra ifotony ao Antsampanimahazo. *"Teo amin'ny 1 km andrefan'ny tanana Ampitandrainimanga no nahitana ilay razana. Lehilahy fotsy fihodirana sahabo ho 27 taona eo ho eo izy, malama volo, mirefy 1,67 m ary manao pataloa « jean » miloko manga sy ankanjo miloko volontany. Tsy nanao kapa kosa ary tsy nahitana taratasy ny mombamomba azy tany aminy »*, hoy ny loharanom-baovao. Hatreto dia mbola mandeha ny fikarohana ny nahavanondoza sy izay mety ahiana ho namono an'ity olona ity. Tsy misy mahafantatra azy rahateo ny mponina ka taorian'ny fizahana dia natolotra ny fokonolona ao Antsapanimahazo ny razana. Andrasana haka ny razana izay mety ho fianakaviany.

**Ariel D.**

Digue Andohatapenaka

# Mpianaka niara-namoy ny ainy navadiky ny lakana

Vatana mangatsiaka no nakarina tao anaty rano tetsy amin'ny Digue Andohatapenaka, lalana mankany amin'ny sampanana Ambohitrimanjaka iny, omaly maraina. Mpianaka no niaraka namoy ny ainy, ka ilay rangahy 39 taona raha 14 taona kosa ilay zanany vavy. Handeha hiampita lakana izy ireo no niharandoza tampoka teny ampovoan'ny rano. Izy mianaka no nianjera nilentika, fa ilay mpanamory kosa avotra soa aman-tsara ihany, araka ny fanazavana. *« Sabotsy alina no nitranga ny loza. Tratra alina izy ireo ka notsenain'ny zanany vavy matoa sy mpitondra lakana ary izao tra-doza izao. Ny rano rahateo miakatra noho ny oram-be nisesy tato ho ato. Tsy nisy azo natao iny alina iny fa maraina vao natao ny famonjena. Rehefa nokarohina dia tokony ho tamin'ny 8 ora sasany no tafakatra avy ao anaty rano ny vatana mangatsiakan' ilay zaza, raha tamin'ny 9 ora maraina kosa ny an'ilay rainy. Teo amin'ny "Somagel" no nahitana ny razana efa nilon-drano sy nibontsina. Ny mpamonjy voina no tonga nampakatra izany teny an-toerana, avy eo dia nentin'ny BMH. Mponina tsy lavitra an'ilay toerana nisehoan'ny loza ireto niharan-doza ireto»*, araka ny fanazavana. Araka izany dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fikarakarana rehetra. Tsy fantatra mazava kosa izay nahatonga ny loza.

**Ariel D.**

Ambilobe

## Sambo rendrika, maherin' ny 20 ireo namoy ny ainy



Tafakatra 20 mahery ny isan'ny olona namoy ny ainy, natsingevan'ny ranomasina, vokatry ny faharendrehan'ny lakam-by iray nentin'ireo andian'olona nikasa hiondrana antsokosoko niala teto Madagasikara ho any Mayotte. Omaly no efa tafakatra an-tanety ny nofo mangatsiakan'ireo olona ireo. Misy olon-dehibe sy zazakely saingy mbola tsy voafaritra mazava ny isany. Tany amin'ny fari-dranomasina Ankazomborona, kaominina ambanivohitra Beramanja, distrikan'Ambilobe, no nahitan'ny mpanjono azy ireo, izay nitady vonjy omaly tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany maraina. Hatreto dia fantatra fa dobon-drano ireo olona ireo, teo anelanelan'Ambilobe sy Bemaranja Ambanja, ranomasina anelanelan'ny Nosy Faly, Ankazomborona. Handeha an-tsokosoko ho any Mayotte izy ireo saingy tsy fantatra izay nahazo azy teny an-dalana. Hatreto dia tsy hita ilay lakam-by nentiny ary mbola tsy fantatra na vedety izy io na lakana kely. Efa tafakatra am-bohitra avokoa ny razana. Ireo sisa velona kosa nandositra avokoa. Manano sarotra ny fikarohana ireo mety mbola tavela any anaty ranomasina, satria tsy manana fitaovana ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona any an-toerana. Mbola mandeha kosa ny fikarohana ireo olona velona ireo amin'izao, hoy ny loharanom-baovao avy amin'ny zandary any Ambilobe.

**Ariel D.**

smtp
Choisissons un futur propre !
Kabone maoderina ho an'ny rehetra
G-CL 453/1-1


› Madio
› Ara-pahasalamana
› Tsy mamoaka fofona
› Mora apetaka
› Mampahazo aina ‹
Service client : +261 32 05 511 17 / +261 34 34 511 17 | vente@smtp-madagascar.com | INVISO GROUP

Angovo azo havaozina

# Renim-pianakaviana 17 nivoaka ho injeniera

Tsy azo ihodivirana amin'ny famokarana herinaratra ny fampiasana angovo azo havaozina. Tamin'ny zoma lasa teo, vehivavy 17 avy any amin'ny distrikan'i Tsihombe, Ambilobe, Ampanihy, ary Manja no navoaka ho injerniera amin'ny angovo azo avy amin'ny masoandro, na "Femmes ingénieures solaires", tao amin'ny ivonteram-panofanana "Barefoot College Madagascar" Tsiafajavona. Nanaraka fiofanana nandritra ny dimy volana, nanomboka tamin'ny volana septambra 2022, izy ireo. Nianatra mikasika ny haitao amin'ny angovo avy amin'ny masoandro ary mahafehy ny fandrafetana sy fanamboarana ireo kojakoja hoentina mamokatra herinaratra avy amin'ny herin'ny masoandro. Tsy nitovy ny faripahaizan'ireto renim-pianakaviana ireto, satria nisy ny tsy nahay nanoratra sy namaky teny, saingy natao nifanaraka tamin'ny faripahalalan'ny tsirairay avy ny fiofanana nomena azy ireo ary nisy koa ny fampianarana namaky teny sy nanoratra ary ny fandaharam-piofanana nanampiana azy ireo hahay hizaka tena amin'ny alalan'ny asa mampidi-bola. Andiany fahadimy, nisalotra ny anarana "FITSINJOVANA", ireto navoaka ireto. Efa tafakatra 88 ireo "Femmes ingénieures solaires" navoakan' ny "Barefoot College Madagascar". Tohanan'ny fandaharanasa nasionaly ny fampiofanana ireo renim-pianakaviana avy any ambanivohitra, izay tarihin'ny minisiteran'ny angovo sy ny akoranafo, ary iarahany miasa amin'ny minisiteran'ny mponina sy ny fiahiana aratsôsialy ary ny fampivoarana ny vehivavy, ny ADER (Agence de Développement pour l'Electricité Rurale), ary ny "Barefoot College Madagascar". Renim-pianakaviana eo amin'ny 744 no vinavinaina hisitraka ity fandaharanasa ity mba hahafahana mampisitraka herinaratra avy amin'ny masoandro ho an'ny tokantrano ambanivohitra mitokamonina eo amin'ny 630 000.



**Hitondra sy hanaparitaka ny fahaiza-manaony eny anivon'ny fiarahamonina misy azy ireo "Femmes ingénieures solaires".**

R. Muray

AFK - Olan'ny fampandrosoana

# Namolavola fomba fitantanana vaovao

Nitondra anjara biriky hampandrosoana ny firenena ny AFK (Antso Fiarahamonina Kristiana). *"Efa namolavola ny rindram-baiko ERP hahafahana mitantana ny sehatra rehetra amin'ny fomba maoderina izahay. Miorina amin'ny andry fototra sivy ary mivoy fanovana fomba fitantanana amin'ny sehatra maro lafy. Efa nentinay teny anivon'ireo ambaratongan-drafitra amin'ny vondrom-bahoka itsinjaram-pahefana nanomboka teny amin'ny fokontany ka hatrany anivon'ny faritra. Samy resy lahatra amin'ny fahombiazan'ity fomba fitantanana ity avokoa ireo tompon andraikitra nanaovana ny famelabelarana, saingy tsy mahatapa-kevitra fa miandry ny fianivan'ny mpitondra ambony. Ny irariana dia ny haneken'ny mpitondra ny fampiharana ity rafitra ity. Raha io no tafapetraka dia ho tsara tantana i Madagasikara, satria ho araka amin'ny antsipiriany avokoa ny fihodin'ny fitantanandraharaham-panjakana ary ho voarakitra anatin'ny rindram-baiko avokoa ny olona rehetra eto Madagasikara"*, hoy ny filoha mpanorina ny AFK, Ricky Andriamparany. Nisy ny varavarana nisokatra notanterahin'ny AFK teny Antaninarenina tamin'ny herinandro lasa teo. Nampahafantarina tamin'io fotoana io ny asa vita rehetra sy ny vinan'asa amin'ny ho avy. Nodinihina an-databatra boribory koa ny fanovam-pitantanana amin'ny sehatra maro samihafa, toy ny fanabeazana, ny fiarahamonina, ny toekarena, sns. *"Raha tiana ny hampandrosoa ity firenena ity dia tsy mila mametraka vina be dia be fa iray ihany dia ampy. Mila jerena ny talenta ananan'ny Malagasy tsirairay avy. Nalefa ohatra ny tetikasa ODOF (One District One Factory), saingy fampiasam-bola avy any Ivelany daholo no nentina nanatanteraka ny fametrahana orinasa isaky ny distrika tao anatin'ity tetikasa ity. An'ny Malagasy i Madagasikara, koa izy no tokony ho tompon'ny harena. Maro ireo manam-pahaizana nahavita fianarana fa tsy nohenoina izy ireo, kanefa tokony ho vita malagasy avokoa na ny hairaha sy ny fampiasambola atao amin'ireny orinasa ireny"*, hoy hatrany Ricky Andriamparany. Homena maimaimpoana ho an'ireo mangataka ity rafitra novolavolain'ny AFK ity, saingy tsy maintsy maintsy manaiky ny fandrindrana atao ireo rafitra hampiharana azy.



**Namelabelatra ny rafitra fitantanana maoderina novolavolain'ny AFK ny filoha mpanorina, Ricky Andriamparany. (Sary: Yvon Ram)**

R. Muray

Tetikasa Omena

# Nankasitrahan'ny "Fondation Clinton"

Mamiratra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fahaiza-manaon'ny tanora malagasy. Iray amin'ireo tetikasa an'arivony notsongain'ny "Fondation Clinton" ny tetikasa Omena tamin'ny taona 2017 noho ny fifanojoanan'ny olana vahany momba ny herisetra aratsaina sy ny fomba vao hoentina manatanteraka izany. *"Ity fikambanana iraisam-pirenena ity no nahatoky voalohany indrindra ny vinavinanay ary nanampy anay tamin'ny fanatanterahana ny hetsika fanangonam-bola nentina nanatontosa ny fikarohana voalohany natao teto Madagasikara tamin'ny taona 2019. »*, hoy i Francesca Raoelison, mpitarika ny tetikasa Omena. Dimy taona taty aoriana dia noharabain'i Bill Clinton sy ny « Fondation Clinton » i Francesca Raoelison. Izy no Malagasy voalohany nandray io maripankasitrahana io noho ny asa fampandrosoana sy ny fanampiana nifarimbonan' ireo mpikambana tao amin' ny tetikasa Omena. *"Nitatra haingana dia haingana ny fikambanana nanomboka tamin'ny taona 2020. Tianay ny hametraka rafitra lalimpototra mba hahafahanay miatrika ny ho avy sy manatanteraka ny tetikasanay rehetra. »*, hoy hatrany i Francesca Raoelison.

R. Muray



**Nanandratra avo ny fahaiza-manaon'ny tanora malagasy ny tetikasa Omena.**

"Covid-19"

# Niakatra 52 ireo tranga vaovao

Miverina miakatra ny isan'ireo olona voan'ny "Covid-19". Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka, dia nisy tranga vaovao 52 teo anelanelan'ny 4 ka hatramin'ny 10 martsa lasa teo. Hita tamin'ny alalan'ny fitiliana 1 361 ireto tranga ireto. Tsiahivina fa 24 ny isan'ireo tranga hita herinandro talohan'io. Raha hiverenana ity antontanisa nivoaka farany ity, dia tany amin'ny faritra Vakinankaratra avokoa ny 28, teto Analamanga ny 21, tany Alaotra Mangoro ny 1, tany Atsinanana ny 1, ary tany Menabe ny 1. Tsy nisy ny aina nafoy tao anatin'io herinandro io ary samy tsy nisy tranga naneho fahasarotana avokoa. Mbola misy 48 ireo marary manaraka fitsaboana manerana ny Nosy. Efa nahatratra 67 941 ireo olona tratran'ity valanaretina ity teto Madagasikara. Sitrana avokoa ny 66 470 tamin'ireo. Olona teo amin'ny 1 423 no efa lavony. Tafakatra 528 012 ny isan'ireo fitiliana efa natao. Marihina fa mbola misy ny fanaovam-bakisiny iadiana amin'ity valanaretina ity. Ambany ny tahan'ny Malagasy vita vakisiny, satria tsy misy afa-tsy 3, 5 isanjato, kanefa tsy misy manaja intsony ireo fihetsika sakana arapahasalamana na an-dalambe na anaty fiara fitaterambahoaka na anaty toerana vory olona, sns.

R. Muray

8 marsa tany Toamasina

# Nialohavan'ny hetsika ara-panatanjahantena

Anisan'ny nankalaza ny fetin'ny 8 marsa ihany koa ny tany Toamasina tamin'ny herinandro lasa teo iny. Niavaka tanteraka ny hetsika nentina nanamarihan'ireo fikambanam-behivavy maro tany an-toerana, izay nialohavan'ny hetsika ara-panatanjahantena, vavaka iraisam-pinoana, hetsika sosialy eny anivon'ny hopitaly ary tsy nohadinoina ny fifaninana miss. Ny Fedafto no angady nananana sy vy nahitana ity hetsika ity. Amin'ny maha renivohitr'i Betsimisaraka an'i Toamasina dia tamin'ny alalan'ny salovana, randragna, izay tao anatin'ny firaisankina tanteraka no nankalazana izany. Tonga nanome voninahitra ity lanonana ity ireo vadin'ny olomboafidy sy olomboatendry tany an-toerana. "Fanabeazana ny ankizivavy, fampizakantena ny vehivavy, antoky ny fampandrosoana lovain-jafy" no lohahevitra nofidiana tamin'ity. Izany hoe mba ho vehivavy sahy mijoro sy matoky tena ary hanana fahaleovan-tena ny vehivavy rehetra manomboka izao, hoy hatrany ny nambaran-dRamatoa Kalobe Melise Rakotonirina. Nampiavaka ny teto Toamasina ny fisian'ny tsangambato ho fahatsiarovana tamin'ity taona ity. Nofaranana tamin'ny alalan'ny matso ny fankalazana ity andro iraisam-pirenena ity ho an'ny tany Toamasina.

Rabenaivo

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



*Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 451/2-2 13/03/23 NGANE et famille

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 982 - 03 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Tsaramaso sy poarao**

Zavatra ilaina : tsaramaso lena 4 kapoaka, poarao 5 voatetika, voatabia 2 voatetika, tongolo be roa voatetika, poavrao kely 1 voatetika, menaka 3 sotro, sira. Fomba fikarakarana azy : Ampangotrahina ny rano dia arotsaka ny tsaramaso. Asiana sira rehefa malemy. Endandasina ny poarao, ny voatabia, ny tongolo be, ny poavrao, ny sira. Rehefa ketsaketsa ny tsaramaso dia arotsaka ny lasaosy teo ambony. Andrahoina kelikely dia tsy atao ritra.